FIKAMBANANA SAKAIZAMBAHOAKA

Mitolona ho an'ny tany

Misy ny fanehoan-kevitra momba ny raharaham-pirenena nataon'ny fikambanana Sakaizambahoaka, tarihan'ny filohany Randrianomanamahaleo Narcisse, mahakasika ny tolona ho an'ny tany, na lutte pour la terre. Adidy mavesatra iantsoroan'ny vahoaka Malagasy ny "Tolona ho an'ny tany", hoy ny fanambarana, satria mbola eo ambany ziogan'ny mpanjanatany sy mpitsetsitra hatrany ny firenena. Tsy hitsahatra na oviana na oviana, ny tolona mandram-pahatratrarana ny tanjona fototra « Fahaleovantena sy fiandrianampirenena » madio mangarahara, lavitry ny fitsabatsabahan'ny vahiny eo amin'ny sehatra ara-politika sy ara-ekonomika. Raha ny fizotran'ny tantara, ny taona 1896 ka hatramin'ny taona 2002, sarintsarim-pitondrana sarobakoly napetraky ny mpanjanatany sy ny mpangoron-karena avokoa, hiaro rafi-panjanahatany (Colonisation, néocolonialisation), ireo no nifandimby nitondra teto hatrizay. Maro anefa ireo karazana tolona nitadiavana fahafahana an'i Madagasikara nandritra izany, saingy "Mic Mac politique" avokoa ireny. Na izany aza nody ventiny ihany ny rano nantsakaina satria, ny taona 2002, ka hatramin'ny taona 2009 dia norombahan'ny tia tanindrazana ny filoha hajaina Ravalomanana Marc sy ny antoko TIM tamin'ny alalan'ny fandresena miezinezina ny fahefana, satria voafidy tamin'ny safidim-bahoaka ara-pomba demokratika ho filoham-pirenena ny filoha Ravalomanana Marc. Nandritra ny fitantanany nihazakazaka be ny fampandrosoana an'i Madagasikara ary nisandrahaka teo amin'ny seha-piharian-karena maro, fanabeazana, sy fandriampahalemana izany. Ny filoha Ravalomanana Marc, no afaka nanova ny tontolompiainan'ny vahoaka Malagasy. Nanana ny fivelomany avokoa ny vahoaka, indrindra fa ireo 85% tantsaha mpamboly sy mpiompy. Nanjaka nandritra izany fitondrana izany ny demokrasia tena izy, ny tany tan-dalàna, indrindra fa ny fanajana ny lalàna fototra dia ny lalampanorenana izany. Voamarika fa teo amin'ny raharaha ara-toekarena sy ara-barotra, potiky ny fifaninanana ny orinasa vahiny mpanao ampihimamba, fa nomena fahalalahana malalaka nivelatra kosa ny orinasam-pirenena sy ny an'ny teratany Malagasy, nanao fandraharahana saika manerana ny Nosy izany.

Narcisse Randrianomanamahaleo, avy amin'ny fikambanana Sakaizambahoaka.

Lonilony

Arak'izany, niteraka lonilony sy fankahalana namboly valifaty mahatsiravina teo amin'ireo mpanjanatany sy vahiny mpitsetsitra izany zavatra nisy ara-tantara izany. Teo no nipoitra, ny firaisana petsapetsa teo amin'ireo colon sy capitaliste sy ny antoko mpanohariana TGV an-dRajoelina. Nahavita zava-doza tsy roa aman-tany ireo, satria fahapotehana tsy hita pesimpesenina saika manerana an'i Madagasikara, no nasetrin'ireo ny fitondran'ny filoha Ravalomanana, izay efa niroso niandalana tamin'ny fanafahana an'i Madagasikara, tsy ho eo ambany ziogan'ny mpanjanatany frantsay intsony na ara-politika na ara-ekonomika. Izany tantara izany no antony lehibe raha ny mahakasika ny fanonganampanjakana tamin'ny 2009 ary mbola ampiainana antsika Malagasy hatramin'izao. Tsy afa-miala, fa tompon'andraikitra feno tamin'ny fampahantrana sy famotehana an'i Madagasikara, nyantoko TGV an-dRajoelina sy ny forongony, indrindra fa ireo frantsay sy vahiny nanosika hanatontosa izany ara-bola, ara- pitaovana sy ara-stratezika. Ankehitriny, fitondrana be marenina tsy miraharaha ny fahoriam-bahoaka no misy eto. Fitondrana tari-tokana mpanao didy jadona tsy refesi-mandidy, tsy tan-dalàna, manitsakitsaka ny zon'olombelona ao anatin'ny fanaovana amboletra fahefana, ka ny miaramila mpihoko mpikarama an'ady (ZN, gros bras sy ny tompomenakely, no mpiambina mahatoky miaro izany. Arak'izany ho an'ny vahoaka Malagasy 26 tapitrisa, antenaina fa tsy ho afaka ampotsika mandra-maty ny fahotana mahafaty vitan'izao fitondrana TGV izao. Toa midika ho famongorana ny vahoaka Malagasy foko 18 izay tsy ho azon'ny mpanjanaka sy mpitsetsitra hailika amin'ny fitiavan-tanindrazana, ka hisotroan'izy ireo ny aleoko maty, hanohy hatrany ny tolona ho an'ny tany (Lutte pour la terre) mandram-pahatonga amin'ny fanafahana an'i Madagasikara. Koa na inon-kihàtra na inon-kidona, ny vahoaka Malagasy leom-boananan'ny omaly ka tsy tia zava-boribory, raha ny tantara ratsy napetrak'i Rajoelina Andry sy ny antoko TGV, sy ny forongony no resahina. Mila mitandrina mafy ny antoko mpanohitra TIM, RMDM ary ireo fikambanana tia tanindrazana maro, fa mbola anatin'ny teti-panorona polotika maloto ny firenentsika. Ohatra maro no maneho izany, fandrebirebem-bahoaka maro no ataon'izy ireo vaindohandraharaha: vatsy tsinjo, tosika fameno, izay mitory tsotr'izao fampisaraham-bazana ny vahoaka Malagasy, satria ireo mpiandany aminy ihany no misitraka izany. Famoronana sarintsarin'asa sandaina karama varimasaka, tetikasa toa zary fampanantenana poakaty, ronono an-tavy sy kobaka am-bava: tramway, IEM, Paris, Miami, PGE, sns...

Mpangoron-karena

Arak'izany, mitady hirika mafy ireo mpanjanatany frantsay sy ireo firenena mpanjanaka tandrefana mpangoron-karena, ka miezaka mafy ny amin'ny fitadiavan'izy ireo ny fomba rehetra handatsahana an'i Madagasikara ao anaty rafitra fanjakana impérialiste capitaliste eo ambany fanarahamason'ny colon frantsay, ka ny TGV sy Rajoelina no saribakoly fitaovana amin'izany. Tanjona goavana no kendren'izy ireo, ny fangejana ny raharaha ara-politika sy ara-toekarena. Koa raha sanatria ka tonga amin'izany tanjona mampidi-doza izany i Madagasikara, milaza ny Sakaizambahoaka, fa atao veloma hatreo ny fahaleovantena sy ny fiandrianampirenena efa nimatesantsika Malagasy tamin'ny tolona nandritran'ny ampolompolo taona maro. Ny voka-dratsin'izany ve! "hiteraka fitrandrahana bontolo ny loharanon-karenatsika izany ary hanimba vetivety ny tontolo iainana, ho ripaka ireo harembe tsy hita pesimpesenina an-tanety, an'habakabaka sy an-dranomasina. Hanjaka eto ny tari-tokana(Unilatéralisme), fahefana jadona (Pouvoir dictatorial), ka ny foto-kevitra politika tandrefana sy ny colon no hanangana rafitra fiarahamonina matanjaka vaovao etoMadagasikara dia ny "capitaliste monopoliste d'Etat", izay ny fitondran-dRajoelina TGV no hianteheran'ny vahiny amin'izany. Ilaina jerena ny fifandanjan-kery, satria izay manana vahoaka no manana fahefana (tompon'ny lakile), andaniny ny fitondrana azo tamin'ny fampiasan-kery, fifidianana hosoka sy hala-bato be vata manitsakitsaka ny demokrasia sy ny lalampanorenana, ka mampiaina an'i Madagasikara anaty tany tsy tan-dalàna, dia fitondrana tsy hateza intsony fa ny vahoaka Malagasy 26 tapitrisa mihitsy no efa nalohan'izy ireo sy tsy nasiany Hasina, ka izao latsaka anaty fahantrana sy habadoana lalina zary lasa laharana faharoa farany manerantany izao. Tena tsy rariny sy tsy azo ekena na oviana na oviana ny famelan-dRajoelina ny vahiny colon sy capitaliste ary ireo mpanankarena gasy vitsivitsy, izay manjakazaka tokana amin'ny fitantanana ny fiharian-karena manontolo, na lehibe na salantsalany hatramin'ny madinika indrindra, ary manampy trotraka izany ny fakana bontolo ny tanin'ny Malagasy izay tsy eto an-drenivohitra ihany, fa hatrany amin'ny faritany mihitsy. Tanin'ireo razamben'ny Malagasy efa nohajariany efa aman-jato taona nefa alain'izy ireo avy hatrany hananganany fotodrafitr'asa hanohizana ny fitsetsefana an'i Madagasikara.

Ny vahoaka 26 tapitrisa

Ho famaranana, antso no hatao amin'ireo tanora maro be sy ireo avarapianarana Malagasy tsy hanaiky hatao fitaovam-pamokarana (Moyen de production) eo ampelatanan'ireo vahiny, fa meteza ho lohalaharana ho tia tanindrazana. Ianareo no fanantenan'ny vahoaka 26 tapitrisa hitantana an'i Madagasikara. Ny vodihena tsy miainga aloha, hafatra ho an'ny tantsaha sy mpiompy 85%, ny mpanao asa tanana, ny very asa, ny tsy an'asa, indrindra fa ireo vehivavy tsy manaiky lembenana nohon'ny fahapotehan'ny fiainam-pianakaviana. Miankina amin'ny fanapahan-kevitsika hanao ny tolona ho an'ny tanintsika (Lutte révolutionnaire pour la terre), izay tarihan'ny filoha mpanorina Marc Ravalomanana, TIM, RMDM eran'ny nosy, fikambanana ara-politika, ara-tsosialy, ara-pinoana sy nyolo-tsotra ny adidy fanafahana an'i Madagasikara, tsy ho eo ambany fifehezan'ireo mpangoron-karena vahiny sy Malagasy ireo intsony.

Nangonin'i Niaina

Ny Valosoa sy fakafaka

Tsy miaraka ny baolina kitra sy politika

Ambarao amin'ny vahoaka malagasy ny marina

Efa ambara mandrakariva, fa tsy afaka miaraka amin'ny baolina kitra ny politika. Maratra io tontolon'ny baolina kitra io raha mitsabatsabaka ao aminy ny politika. Tsy mampandroso azy io. Dia ankoatra ny filohan'ny Repoblika tsy miahotra mivatravatra fiavy ao anatiny, dia ireny iaraha-mahita ireny ny zava-nisy tamin'ny alakamisy hariva teny Mahamasina. Olona hijery baolina kitra ezahina sasàna atidoha amin'ny resaka politika sy karazan'ny anaovana fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana sahady. Toy ny hoe i Andry Rajoelina irery no angady nananana sy vy nahitana amin'ny fanavaozana an'i Mahamasina, ka nohindrahindraina ery. Aoka tsy hodisoina ny tantara, fa lazao izay marina. Niarahana niasa akaiky tamin'ny sinoa ny fanaovana ny asa. Rehefa miresaka sinoa koa anefa ankehitriny, olona badrahodra ihany no tsy mahalala, fa ny fiaraha-miasa aminy dia tsy maintsy misy ambadika na setriny avokoa. Tsy misy maimaimpoana izany ny an'ny sinoa ny fiaraha-miasa aminy. Resaka jeopolitika izany ho an'ireo taraiky ka tsy maharaka ny fivoarana sy ny fironana misy ankehitriny eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Efa tsinjo ny politika sinoa amin'izao fotoana izao. Ny fitondrana Malagasy anefa miezaka tsy miresaka na kely aza amin'izany amin'ny vahoaka Malagasy. Tsy mahay ve sa minia mikimpy, ka manao izay ahafahana fotsiny ihany manao na mahavita zavatra hanampenamaso ny vahoaka gejain'ny fahoriana sy ny fahantrana lalina andro aman'alina nandritry ny fotoana ela izay? Hoan'ny fitondrana Malagasy, tsy ny sinoa loatra no tena ironany iaraha-miasa, fa ny fitondrana frantsay. Sarotra ho azy ny hiàla amin'ny "tady fato-maty" nataon'ny mpanao politika maloto frantsay, ary kely endaka izy eo anoloan'izany. Manaporofo izany ny resaka nentin'i Andry Rajoelina momba ny resaka nifanaovany tamin'ny filoha frantsay momba ireo Nosy Malagasy, ary misongadina amin'izany ny Nosy Sambatra na "îles Glorieuses". Rehefa miresaka ity Nosy ity, dia mifamatotra amin'ny fiandrianam-pirenena izany. Toa "fiandrianam-pirenena" hafahafa anefa ity niarahan'ny roa tonta nidinika. Mbola hita soritra fa mandrirarira fotsiny ny raharaha ny mpitondra frantsay. Toa hamaivanin'ny filohan'ny Repoblika Malagasy anefa izany. Amin'ity andro sabotsy ity no hanaovana lanonana eny amin'ny kianjan'i Mahamasina. Moa va tsy toa miendrika fanarian-dia ny Malagasy indray izany? Hifaly sy hanao lanonana ao anatin'ny fahasahiranana sy fahantrana vao avy nampiditra ny zanaka hianatra. Sahirana ny besinimaro amin'ny fotoana miditra amin'ny taom-pianarana vaovao toy izao. Tsy nisy finiavan'ny fitondrana hanampy azy ireo tamin'izany. Sa ampahana olona ihany ireo sahirana, fa ny maro afaka mihatsara ny fiainany ankehitriny, roa taona sy sivy volana nitondran-dRajoelina? Toa mifamadika amin'izany ny zava-misy. Hitondra ny ampahana vahoaka hinia hikimpy hifaly sy hamono eritreritra manoloana ny fahantran'ny hafa mpiray tanindrazana aminy ve izany no atao eto? Aoka hoezahina mafy araka izay azo atao izay hampiray ny Malagasy, sy ny mba hifankatiavany ary hiraisany hina. Fa raha mbola misy ny toe-tsaina manao vaindrahalahy tsy maharary dia mbola ho lavitr'ezaka ny fampandrosoana .

Sôh'son